


TORITENY - ALAHADY faha-18 TSOTRA - TAONA D



NY VOLA NATAO HANOMPO FA TSY HOTOMPOINA

Ry kristianina havana, tamin'ny Alahady lasa teo dia nandinika sy nibanjina ary azo lazaina aza fa niezaka isika mba hahafantatra ny anjara toeran'ny vavaka eo amin'ny fiainantsika. Tsy mahagaga moa izany satria ny vavaka no tena votoatin'ny maha-Kristianina antsika. Io no tena manan-danja amintsika. Ny vavaka dia fiombonana amin'Andriamanitra ary izany no

Vakiteny I : Ekl. 1, 2; 2, 21-23

Salamo : Sal. 94

Vakiteny II : Kôl. 3,1-5. 9-11

Evanjely : Lk. 12,13-21

nahatonga an'i Jesoa nampianatra antsika ilay vavaka tsy manampaharoa ka antsointsika Vavaky ny Tompontsika dia ny Rainay any an-danitra izay azo lazaina fa manambara fiombonana amin'Andriamanitra sy

fiombonantsika samy isika. Izay no nahatonga antsika nanipika fa tena sarobidy tokoa izao Sinaody izao satria tena manampy antsika hivelona izay voalaza ao anatin'io vavaka io. Voalaza ao daholo manko ny fiainana mahazanak'Andriamanitra antsika. Araka ny voalazantsika dia mizara roa io vavaka io dia ny voalohany mampitodika antsika amin'izay fiombonana amin'Andriamanitra izay ary ny tapany faharoa manipika izay mampiombona amin'ireo manodidina antsika.

Nefa ireo zavatra roa ireo dia anankiray ihany satria ny fiombonana amin'Andriamanitra sy

amin'ireo manodidina dia tokana raha jerena.

Amin'izao Alahady faha-18 izao, mitohy ny fandalinantsika ny finoana ka zavatra anankiray izay azo lazaina fa indrindra amin'izao andro saroatra izao ka matetika atao mifanohitra amin'ny fivavahana dia tsy inona fa ny resaka vola. Betsaka ny resaka toy ny hoe, izay mpivavaka dia matetika tsy mety ny mitady vola, na koa hoe izay manam-bola dia atao hoe asan'ny demony. Misy amin'ny Soratra masina tokoa ny milaza fa ny vola no loharanon'ny fahotana ka heverina fa asan'ny demony ny vola. Izay indrindra no tian'ny Eglisy ambara amin'izao Alahady faha-18 izao mba hazava amintsika ka ho halalinintsika bebe kokoa.

Araky ny hita ao amin'ny vakiteny voalohany dia milaza fa zava-poana dia zava-poana ny zava-drehetra raha tsy ao amin'Andriamanitra. Izany no tsy maintsy ho ao an-tsaintsika, ao amin'Andriamanitra no tsy maintsy hipetrahan'izany resaka vola izany. Izany indrindra no mahatonga an'i Jesoa ao amin'ny Evanjely raha nananatra an'ilay olona nanatona azy izy izay nilaza hoe : "Ry Mpampianatra, mba ilazao kely ny rahalahiko hizara ny lovanay amiko" ary raha misy tokoa ny zava-manahirana amin'izao fotoana iainantsika izao ary manapotika sy manimba ny fiainan'ny mpianakavy aza dia ny resaka harena, tany, lova.....

Mananatra antsika i Jesoa milaza hoe : "Tandremo tsara sao azon'ny fahihirana ianareo", izany hoe ny fitiavan-tena ny fitodihana amin'ny tena. Tsy maintsy ho fantatsika ny vokatry ny fivavahana. Raha mivavaka marina isika ka izy no eo anivon'ny fiainantsika dia fantaro ary fa tsy ho azon'ny "virus" entin'ny vola isika.

Tsy ny vola no ratsy fa ny fahihirana, fitaovana entina hanompo ny vola fa tsy ho tomponia, izay no tian'i Jesoa ambara. Hanompo bebe kokoa isika, ho tia ny namana, ho fitaovana hampanjakana ny rariny sy ny hitsiny, hitadiavana ny soa iombonana ny vola. Tsy ny habetsahan'ny harena na ny fananana no hahazoantsika ny tena fahasambarana. Marina ny fahendren-drazana milaza hoe : "ny omby mahia tsy lelafin'ny namana". Izany ny fahendren'izao tontolo izao izay midika fa fitiavan-tena sy fireharehana no mahatonga an'izay.

Ahoana tokoa isika EOV, kristianina vita batemy eo anatrehan'izany ? Ny anjara toerantsika dia ny tsy maintsy hahatonga antsika Kristy MPIARA-BELONA amin'ny olona mba ho fahazavana sy fanasina araka ny fampianarana atao amintsika, ny hoe fanasina dia tsy manamasina ny tenany, tsy misy sira manamasina ny tenany fa manome tsirony ny sira, tsy tadiavina izany, tahaka izany koa ny fahazavana tsy hatao hanazava ny tenany fa hanazava ny hafa. Tahaka an'izay ny vola, entina hanasoavana ny hafa ka hahatonga antsika hivelona bebe kokoa ny maha-zanak'Andriamanitra antsika, hanasoa ny hafa, hamelona ny ankohonana, entina handraisana an-tanana ny Eglisy sns....

Mananatra an'ireo Kolosianina i Md Paoly ao amin'ny Vakiteny faharoa no sady mananatra antsika ihany koa, ny zavatra any ambony amin'izay itoeran'i Kristy no katsaho. Izany hoe aoka tsy hirefarefa amin'ny tany ny fisainana fa hiakatra ambony mandrakariva, anisan'izany ny vola izay tena mety mamoritra antsika hirefarefa. Aoka ny vola hoentintsika

hampanjakana an'i Kristy izany hoe hanehoana ny fitiava-namana, ny fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny fa tsy hoe hanapepoana na hanambaniana, na koa hahatonga antsika hanjakazaka, hamoritra, hanapotika ny hafa ka zary herisetra no mandrafitra ny fifandraisana. Raha izany tokoa ny vokatry ny vola dia mirefarefa isika. Raha manampy antsika hanakatra izay itoeran'i Kristy ny vola, izany hoe entintsika sy hahafahantsika mampanjaka an'i Kristy dia izay misy an'i Kristy no tokony entintsika hampiasana an'izay vola izay ka hanaovantsika soa ho an'ny hafa. Izay misy an'i Kristy no aoka ho hisy antsika ihany koa, hoy Md Paoly. Amin'izay feno ny fahendren'Andriamanitra isika ka ho feno hasambarana, ho soa hanatsara ny hafa fa tsy hanapotika izay mitondra korontana sy hery setra vokatry ny vola araka ny fahendren'izao tontolo izao. Aza gaga àry isika raha jerena ety ivelany misy izany fanjakan'ny vola izany nefo tsy ireny no zava-dehibe, tsy mitondra hasambarana izany fa ny tena hasambarana dia ilay mampiombona antsika amin'i Kristy ary ahitana fivelarana..

Raha nananatra an'ilay tonga nanatona azy i Jesoa dia mampitsinjo antsika amin'ny fiainana hoavy nefo tsy fiaintantsika eto an-tany no entintsika amin'izay fiainan-koavy izay dia isika samy maniry ny fiadanana, ny fahasambarana. Aoka àry ho entintsika hitondra amin'ny fiombonana satria ny fiadanana dia ny fahaizantsika miombona ao anatin'ny soa, ao anatin'ny marina, ao anatin'ny rariny sy ny hitsiny. Enga anie hiova ny fo amam-panahintsika fa indrindra amin'izao isika miatrika ny Sinaody izao satria araka ny averimberintsika ny irintsika dia mba ho rafitra mitondra antsika amin'ny fivelarana no apetratsika. Rafitra hanampy antsika hikatsaka izay itoeran'i Krsity araka ny fampianaran'i Md Paoly. Hiala amin'ny rafi-pahotana mampirefarefa antsika.

Ry Kristianina havana, aoka ary hikambana ny fontsika, akambano ao amin'ny fon'i Jesoa ny fontsika ka hikatsaka an'izay misy an'i Kristy isika. Esory izay mi « enconmbrer » ny fontsika....

Ry Jesoa Tompo ô sakano izahay tsy hiraiki-po amin'ireny vola izay mahasodoka anay matetika ireny ka tsy hahitanay ny namana, amin'ireny harenan'ny tany ireny ary tsy hiantehitra amin'ny zava-mandalo fotsiny fa izay misy anao no hokatsahinay, ianao ilay endriky ny famindrampon'Andriamanitra dia ny fitiava-namana. Ny endrikao dia ireo manodidina anay fa indrindra ireo izay ao anatin'ny fahasahiranana ka ampio izahay hahay hanokatra ny fonay ho azy ireo. Ampio izahay hikendry mandrakariva ny fanjakanao ary hametraka ny rakitray sy ny fonay any amin'ny mandrakizay araka ny nampianarin'i Md Paoly anay androany. Masina Maria, Reny Mpitari-dalana anay ianao amin'izao izahay « Eglisy Miara-dia » izao. Maro ny sakasakana fa indrindra ny haren'izao tontolo izao, ampio izahay hifidy an'i Jesoa ka ho zary Tabernakla Velona. Md Josefa Ray Mpiaron'ny Eglisy Erantany ento am-bavaka ny raim-pianakaviana sahiran-tsaina miatrika ny famelomana ny fianakaviany. Enga anie izy ireo hanana herim-po ilaina handreseny ireny fakam-panahy ireny ka hikatsaka mandrakariva an'izay itoeran'i Kristy. Amen